# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Jona 2018

**27** **Alarobia**
jona

**Antsoy Aho amin'ny andro fahoriana ; dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy ianao.**
Salamo 50. 15

**Mamaly Andriamanitra**

Mitantara trangan-javatra niainany ity mpanamory ao amina toby misionera iray :

Nandritra ny sidina fanazarana nataoko dia nanapa-kevitra aho hizotra hianavaratra, hatrany amina fitodiana iray mitoka-monina sy tsy faleha firy. Amin'izay dia ho afaka manao fanazarana midina maromaro ilay mpanamory miza-daharaha ampianariko. Rehefa tafidina izahay dia nisy olona vitsivitsy nihazakazaka nanatona anay. Nanazava izy ireo hoe misy tovolahy iray naratra mafy teo amin'ny ranjony, ny omalin'io, ary mandeha tsy mety mijanona ny ra.

Koa satria efa very ra betsaka ilay naratra, dia nampiakarinay haingana tao anaty fiaramanidina, ary nentinay tany amin'ny hôpitalin'ny misiona. Naharitra dimy amby roapolo minitra ny sidina. Raha tamin'ny fiarakodia na tamin'ny sambo teny amin'ny ony, dia ho naharitra efatra andro ny dia, ka ho faty teny an-dalana ilay marary. Teto anefa, tsy ampy adiny iray akory taorianan'ny niaingana, dia efa tao anatin'ny efitrano fandidiana izy, azo nofatorana ny lalandra ary notsaboina ny ratra.

Fa ny tena nampihetsi-po dia hoe nivavaka mba hisiana fahagagana ireo olona tao amin'itana `na mitoka-in na io, izay kristiana tsy afaka nanao fitsaboana na inona na inona. Ary fotoana fohy taorianan'ny vavaka mafy nataony, dia nitranga tsy nampoiziny mihitsy teny amin'ny lanitra ilay fiaramanidina. Tsy nisalasalan'izy ireo fa hoe io no valim-bavaka nomen'Andriamanitra !

Eny, ny Andriamanitsika dia Ilay Andriamanitra „Mpihaino vavaka" (Salamo 65. 2).